K A B A R Y
Rtoa Rosette RASOAMANARIVO, Chargé d'Affaires a.i
Masoivoho Malagasy eto Japana

Tokyo faha-31 Desambra 2015

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Voalohan-teny dia Misaotra an'Andriamanitra lehibe tafahaona ampifaliana eto indray, misaotra Azy koa nanome Hery sy Tanjaka ary izao andro anio izao ahafahantsika hiara-hikorana sy hiara-paly eto amin'ny Masoivoho eto Tokyo.

Koa dia faly miarahaba antsika mianakavy tratr'izao fotoana lehibe izao indray ny tenako.

Finaritra ihany koa tafaraka eto indray, hiara-hamarana ity taona 2015 ity sy hiara-hitsena ny taona vaovao 2016.

Etoana dia manao sahady izao firariantsoa izao ny tenako, ho taona zina ombam-pahasoavana sy feno fahasalamana ho an'ny tsirairay sy ny ankohonany ary indrindra koa ho an'i Madagasikara Firenentsika iombonana anie io taona vaovao 2016 io.

Ka ny mpamboly hahavokatra be, ny mpiompy hahavanona, ny mpianatra hitazona hatrany ny lohalaharana any ampianarana, ny mpiasa birao handroso hatrany amin'ny fanatontosana ny andraikiny; Ho samy ahatratra ny tanjona kinasany ary hioty voka-tsoa amin'ny asa aman'andraikitra ataony avy anie isika tsirairay avy.

Mankasitraka mankatelina anareo rehetra tonga namaly ny antso ary mankasitraka ihany koa ny mpiara miasa rehetra eto amin'ny Masoivoho nifandrimbona nanatanteraka ity fiarahan'ny mpianakavy ity.

Alohan'ny tena hanombohan'ny lanonantsika anefa dia fanao rehefa vanim-potoana toy izao ny manao jery todika ny asa vita sy tontosa nandritra ny taona ary koa mametraka sahady ny vina ho amin'ny taona ho avy.

Koa Mamelà ahy hamintina fohifohy ny zava-bita nanamarika ity taona 2015 ity:

-Ministra 3 no nanatrika Fivoriambe sy namita iraka teto Japana ankoatr'ireo olom-panjakana vitsivitsy (maro) hafa nanatrika fiofanana; Tsongaina amin'izy ireo :

- Ny Minisitry ny Atitany Atoa MAHAFALY sy ny delegasionina notarihiny nanatrika ny "3eme Conférence mondiale de la Réduction des Risques et des Catastrophes" tao Sendai ny 16 -18 martsa 2015.
- Ny Minisitry ny Angovo sy harena an-kibon'ny tany: Atoa LALAHARISAINA, nanatrika fivoriana roa tonta teto Tokyo JSUMMIT, JAMM2 ny 27-31 May 2015.

- Ny Minisitry ny Raharaham-bahiny Malagasy, Ramatoa ATALLAH Béatrice, teto Tokyo ny 10-12 Jona 2015 nitondra ny hafatry ny Filoham-pirenena sy nanokatra ny MADAGASCAR FORUM INVESTMENT teto Tokyo.

-Nanamarika ity taona ity koa ny fahatongavan'ireo namana Malagasy 3 mianadahy nahazo vatsim-pianarana mandrato fianarana ho Doctorat avy amin'ny MEXT na ny Minisitera misahana ny fanabeazana eto Japana, ary 7 mianadahy mandrato fianarana eto Japana mandritry ny 2 taona ao anatin'ny ABE INITIATIVE 2nd batch.

- Tetsy ankilany kosa dia nisy ny fitsidihina ofisialy nataon'ny Filoha Mpitantana ny JICA, Dr Akihiko Tanaka tany Madagasikara ny volana Janoary 2015. Teo koa ny Fitsidihan'ny Minisitra avy ao amin'ny METI Atoa Dr YAMAGIWA, niaraka tamin'ny Mpandraharaha Japoney tany Madagasikara ny volana Aprily 2015.

- Vao Tsy ela akory fa tamin'ity volana Desambra ity dia nisy andiana parlemantaire japoney dimy namita iraka ofisialy tany Madagasikara, nijery ifotony ny tetik'asa rehetra niarahan'ny firenena roa tonta manatanteraka.

Azo tsoahina amin'izany fa matotra tokoa ny fifandraisana misy eo amin'ny Madagasikara sy Japana.

Nanamarika ity taona 2015 ity ihany koa ny nanaovana ny HANAMI tany LAC TOYA, HOKKAIDO tamin'ny volana May lasa teo, izay nahavoriana antsika miisa 21 malagasy;

Tsy latsa-danja koa ny Madagascar Festival Voalohany teto Japana izay notontosaintsika niaraka ny 25 Oktobra lasa teo, ary ny Madagascar Night ny 28 Oktobra 2015;

Nohon'ny ezaka nataontsika Malagasy tsirairay avy tsy ankanavaka dia nanakoako sy nisandratra ho avo tokoa i Madagasikara teo imason'ireo mpitsidika sy nanatry maso tonga nanatrika teo. Ary nanaparitaka ny vaovao, mikasika ny kanto, vokatra, asa-tanana, sy ny tsiro-tsakafo Malagasy izy ireo.

Fehin'izay dia mahavita zavatra tsara tokoa isika rehefa misy ny firaisan-tsaina sy fiaraha-mientana ho amin'ny tanjona iombonana, hanehoana ny endrika Tsara ny Malagasy sy Madagasikara. Tratratsika niaraka ny tanjona.

Efa nahavita dingana lehibe niaraka isika izay, ary mankahery anareo mbola hanao tongotra miara-mamindra, tsy hijanona eto Japana fotsiny fa hitondra ny anjara birikintsika hamorona asa, hizara ny soa ho any Madagasikara.

Raha amin'ny taona 2016 indray kosa dia anisan'ny zava-dehibe hotsongaina amin'izany ny fanomanana sy ny fiatrehana ny Tokyo International Conference for African Development VI na (TICAD VI) izay ho tanterahana any Kenya, voalohany no ho tanterahana any Afrika ity fivoriambe ity.

Handray ny Fivoriamben’ny Francophonie koa Madagasikara ny 15 hatamin’ny 20 Novambra 2016. Manana anjara amin'izany isika eto Japana, amin’ny fanentanana sy ny fizarana vaovao miaraka amin’ny firenena mampiasa sy miteny ny teny frantsay.

Ary eo koa ny ny fanohizana ny asa rehetra efa natomboka hatrizay mba hitondra vokatsoa tokoa ho an' i Madagasikara sy ny vahoaka Malagasy tsy ankanavaka. Anisan'izany ny tetik'asa goavana hiarahana amin'ny japoney amin’ny fanavaozana ny Port Toamasina, sy ireo tetik'asa hafa maro eo amin'ny sehatry ny fambolena, foto-drafitr'asa sy ny fitantanana toy ny tetik’asa mikasika ny vary : PAPRIZ dingana faha-2, ny foto-drafitr’asa Antananarivo-Toamasina atao hoeTATOM, ny tetik’asa PATIMA, sy ireo hafa tsy voatanisa.

Miasa miaraka isika ho amin’ny fampandrosoana. Miasa miaraka isika hitondra soa ho an'ny Malagasy sy Madagasikara.

Izay ary no izy tompokolahy sy Tompokovavy fa dia misaotra, mankasitraka noho ny faharetanareo nihaino izay teny fohifohy, lavalava, izay.

Mankasitraka Tompokolahy, mankatelina Tompokovavy.

Samy ho tratry ny Asaramanitra eo ambany fitahian'Andriamanitra isika rehetra.